

**LOI n° 96-005**

autorisant l'adhésion de la République de Madagascar au Protocole pour la répression des actes illicites de violence dans les aéroports servant à l'aviation civile internationale, signé à Montréal le 24 février 1988.

**EXPOSE DES MOTIFS**

Le protocole de Montréal du 24 février 1988 concerne la sécurité de l'exploitation dans les aéroports.

La Convention de Montréal du 23 septembre 1971 préserve la sécurité des personnes et des biens à bord d'un aéronef en vol.

Le Protocole et la Convention se complètent ainsi et sont des textes de référence en matière de sécurité de l'aviation civile et du transport aérien.

Tel est l'objet de la présente Loi.

ASSEMBLEE NATIONALE  
ANTENIMIERAM-PIRENENA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana  
-----

**LOI n° 96-005**

**autorisant l'adhésion de la République de Madagascar au Protocole pour la répression des actes illicites de violence dans les aéroports servant à l'aviation civile internationale, signé à Montréal le 24 février 1988.**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 13 juin 1996, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier.**- Est autorisée l'adhésion de la République de Madagascar au Protocole pour la répression des actes illicites de violence dans les aéroports servant à l'aviation civile internationale, signé à Montréal le 24 février 1988.

**Article 2.**- La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'État.

Antananarivo, le 13 juin 1996

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

ANDRIAMANJATO *Richard Mahitsison*

## **PROTOCOLE**

**pour la répression des actes illicites de violence dans les aéroports servant à l'aviation civile internationale, complémentaire à la Convention pour la répression d'actes illicites dirigés contre la sécurité de l'aviation civile, faite à Montréal le 23 Septembre 1971.**

### **LES ETATS PARTIES AU PRESENT PROTOCOLE,**

CONSIDÉRANT que les actes illicites de violence qui compromettent ou sont de nature à compromettre la sécurité des personnes dans les aéroports servant à l'aviation civile internationale ou qui mettent en danger la sécurité de l'exploitation de ces aéroports, minent la confiance des peuples du monde dans la sécurité de ces aéroports et perturbent la sécurité et la bonne marche de l'aviation civile pour tous les États.

CONSIDERANT que de tels actes préoccupent gravement la communauté internationale et que, dans le but de prévenir ces actes, il est urgent de prévoir les mesures appropriées en vue de la punition de leurs auteurs.

CONSIDERANT qu'il est nécessaire d'adopter des dispositions complémentaires à celles de la Convention pour la répression d'actes illicites dirigés contre la sécurité de l'aviation civile, faite à Montréal le 23 Septembre 1971, en vue de traiter de tels actes illicites de violence dans les aéroports servant à l'aviation civile internationale.

SONT CONVENUS DES DISPOSITIONS SUIVANTES :

### **Article premier**

Le présent protocole complète la Convention pour la répression d'actes illicites dirigés contre la sécurité de l'aviation civile, faite à Montréal le 23 Septembre 1971 (nommée ci-après "la Convention"), et, entre les Parties au présent protocole, la Convention et le protocole seront considérés et interprétés comme un seul et même instrument.

## **Article II**

1- A l'article 1er de la Convention, le nouveau paragraphe 1 bis suivant est ajouté :

"1 bis. Commet une infraction pénale toute personne qui, illicitement et intentionnellement, à l'aide d'un dispositif d'une substance ou d'une arme :

a) accomplit à l'encontre d'une personne, dans un aéroport servant à l'aviation civile internationale, un acte de violence qui cause ou est de nature à causer des blessures graves ou la mort; ou

b) détruit ou endommage gravement les installations d'un aéroport servant à l'aviation civile internationale ou des aéronefs qui ne sont pas en service et qui se trouvent dans l'aéroport ou interrompt les services de l'aéroport, si cet acte compromet ou est de nature à compromettre la sécurité dans cet aéroport."

2- Au paragraphe 2, alinéa a, de l'article 1er de la Convention , les mots suivants sont insérés après les mots "paragraphe 1er", ou au "paragraphe 1 bis"

## **Article III**

A l'article 5 de la Convention, le paragraphe 2 bis suivant est ajouté :

"2 bis. Tout État contractant prend également les mesures nécessaires pour établir sa compétence aux fins de connaître des infractions prévues au paragraphe 1 bis de l'article 1er et au paragraphe 2 du même article, pour autant que ce dernier paragraphe concerne les dites infractions, dans le cas où l'auteur présumé de l'une d'elles se trouve sur son territoire et où ledit État ne l'extrade pas conformément à l'article 8 vers l'État visé à l'alinéa a) du paragraphe 1er du présent article."

## **Article IV**

Le présent protocole sera ouvert le 24 Février 1988 à Montréal à la signature des États participant à la Conférence internationale de droit aérien, tenue à Montréal du 9 au 24 Février 1988. Après le 1er Mars 1988, il sera ouvert à la signature de tous les États à Londres, à Moscou, à Washington et à Montréal, jusqu'à son entrée en vigueur conformément à l'article VI.

### **Article V**

- 1- Le présent protocole sera soumis à la ratification des États signataires.
- 2- Tout État qui n'est pas État contractant à la Convention peut ratifier le présent protocole si en même temps il ratifie la Convention, ou adhère à la Convention, conformément à l'article 15 de celle-ci.
- 3- Les instruments de ratification seront déposés auprès des gouvernements des États-Unis d'Amérique, du Royaume-Uni de Grande-Bretagne et d'Irlande du Nord et de l'Union des Républiques Socialistes Soviétiques, ou de l'Organisation de l'Aviation Civile Internationale, qui sont désignés par les présentes comme dépositaires.

### **Article VI**

- 1- Lorsque le présent protocole aura réuni les ratifications de dix États signataires, il entrera en vigueur entre ces États le trentième jour après le dépôt du dixième instrument de ratification. A l'égard de chaque État qui le ratifiera par la suite, il entrera en vigueur le trentième jour après le dépôt de son instrument de ratification.
- 2- Dès son entrée en vigueur, le présent protocole sera enregistré par les dépositaires, conformément aux dispositions de l'article 102 de la Charte des Nations Unies et de l'article 83 de la Convention relative à l'Aviation Civile Internationale (Chicago, 1944).

### **Article VII**

- 1- Après son entrée en vigueur, le présent protocole sera ouvert à l'adhésion de tout État non signataire.
- 2- Tout État qui n'est pas État contractant à la Convention peut adhérer au présent protocole si en même temps il ratifie la Convention, ou adhère à la Convention, conformément à l'article 15 de celle-ci.
- 3- Les instruments d'adhésion seront déposés auprès des dépositaires et l'adhésion produira ses effets le trentième jour après ce dépôt.

### **Article VIII**

- 1- Toute Partie au présent protocole pourra le dénoncer par voie de notification écrite adressée aux dépositaires.
- 2- La dénonciation produira ses effets six mois après la date à laquelle la notification aura été reçue par les dépositaires.
- 3- La dénonciation du présent protocole n'aura pas d'elle-même l'effet d'une dénonciation de la Convention.
- 4- La dénonciation de la Convention par un État contractant à la Convention complétée par le présent protocole aura aussi l'effet d'une dénonciation du présent protocole.

### **Article IX**

- 1- Les dépositaires informeront rapidement tous les États qui auront signé le présent protocole ou y auront adhéré, ainsi que tous les États qui auront signé la Convention ou y auront adhéré :
  - a) de la date de chaque signature et de la date du dépôt de chaque instrument de ratification du présent protocole ou d'adhésion à celui-ci;
  - b) de la réception de toute notification de dénonciation du présent protocole, et de la date de cette réception.
- 2- Les dépositaires notifieront également aux États mentionnés au paragraphe 1er de la date à laquelle le présent protocole est entré en vigueur conformément à l'article 6.

EN FOI DE QUOI les Plénipotentiaires soussignés, dûment autorisés, ont signé le présent protocole.

FAIT à Montréal, le vingt quatrième jour du mois de Février de l'an mil neuf cent quatre vingt huit, en quatre originaux, chacun en quatre textes authentiques rédigés dans les langues française, anglaise, espagnole et russe.

**ASSEMBLEE  
NATIONALE  
ANTENIMIERAM-  
PIRENENA**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

**LALANA LAHARANA FAHA-96-005**

**Manome alalana ny faneken'ny Repoblikan'i Madagasikara ny Tovana mikasika ny fanoherana ny asan'herisetra any amin'ny seranam-piaramanidina ho an'ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena. Nosoniavina tany Montréal ny 24 Febroary 1988.**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny Tovan'i Montréal tamin'ny 24 Febroary 1988 dia mikasika ny fiarovana ny fiasana any amin'ny seranam-piaramanidina.

Ny Dinan'i Montréal tamin'ny 23 Septambra 1971 dia mitandro ny fiarovana ny olona sy ny entana anatin'ny fiaramanidina eny am-panidinana.

Mifameno araka izany ny Tovana sy ny Dina ary atao boky fanovozan-kevitra amin'izay momba ny fiarovana ny fifamoivoizana an' habakabaka sivily sy ny fitaterana an'habakabaka.

Izany no antonanton'izao lalàna izao.

**ASSEMBLEE  
NATIONALE  
ANTENIMIERAM-  
PIRENENA**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana  
-----

**LALANA LAHARANA FAHA-96-005**

Manome alalana ny faneken'ny Repoblikan'i Madagasikara ny Tovana mikasika ny fanoherana ny asan' herisetra any amin'ny seranam-piaramanidina ho an'ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena, nosoniavina tany Montréal ny 24 Febroary 1988.

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana nataony ny 13 Jona 1996 izao lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany.**- Omena alalana ny faneken'ny Repoblikan'i Madagasikara ny Tovana mikasika ny fanoherana ny asan'herisetra any amin'ny seranam-piaramanidina ho an'ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena, nosoniavina tany Montréal ny 24 Febroary 1988.

**Andininy 2.**- Havoaka amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 13 jona 1996

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-  
PIRENENA,

NY SEKRETERA,



ANDRIAMANJATO *Richard Mahitsison*

## **TOVANA**

**Mikasika ny fanoherana ny asan'herisetra any amin'ny seranam-piaramanidina ho an'ny fiaterana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena, mameno ny Dina mikasika ny fanoherana ny asa ratsy manimba ny fiarovana ny fitaterana an'habakabaka sivily, nosoniavina tany Montréal ny 23 Septambra 1971.**

Ny Firenena manaiky ity Tovana ity :

- Nahatsapa fa ny asan'herisetra izay manakorontana na mety hanakorontana ny fiarovana ny olona any amin'ny seranam-piaramanidina misahana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena na mety ampidi-doza ny fiarovana ny fampiasana ireny seranam-piaramanidina ireny, manimba ny fahatokisan'ny olona eran-tany ny amin'ny fiarovana ireny seranam-piaramanidina ireny ary manakorontana ny fiarovana sy ny fizotran'ny fitaterana an'habakabaky ny Firenena rehetra.
- Nahatsapa fa ireny fihetsika ireny dia manahirana tokoa ny fikambanana iraisam-pirenena ary, mba hanoherana ny fisehoan'ireny asa ireny, dia ilaina ny maka haingana izay fepetra mifanandrify mba hanasaziana izay nanao azy.
- Nahatsapa fa ilaina ny maka fepetra mifameno amin'ny Dina mikasika ny fanoherana ny asa ratsy manimba ny fiarovana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily, nosoniavina tany Montréal ny 23 Septambra 1971, mba hanakanana ireny asan'herisetra ireny any amin'ny seranam-piaramanidina misahana ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena.

Dia manapaka ireto fepetra manaraka ireto :

### **Andininy voalohany**

Ity Tovana ity dia mameno ny Dina mikasika ny fanoherana ny asa ratsy manimba ny fiarovana ny fitaterana an'habakabaka sivily, nosoniavina tany Montréal ny 23 Septambra 1971 (izay antsoina manaraka eto hoe "Ny Dina"), ary, ho an'ireo manaiky ny tovana, ny Dina sy ny Tovana dia heverina sy ho ampiarina ho toy ny iray ary fitaovana mitovy.

### **Andininy faha II**

1- Ny andininy voalohany ao amin'ny dina, dia ampiana ity andininy voalohany bis manaraka ity :

1 bis : Mandika lalàna ny olona izay minia na mikasa, amin'ny alalan'ny fitaovana, ny zavatra na fiadiana :

a) manao amin'ny olona iray, asan'herisetra izay mandratra mafy na mahafaty na mety mahatonga ireo : na

b) mamotika na manimba ny fitaovana ampiasana amin'ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena na ny fiaramanidina izay tsy miasa ka mipetraka ao amin'ny seranam-piaramanidina na mampijanona ny asa ao amin'ny seranam-piaramanidina, raha manohintohina na mety hanohintohina ny fiarovana ao amin'io seranam-piaramanidina io.

2- Ao amin'ny andalana faharoa, laharana a) ao amin'ny andininy voalohany ao amin'ny Dina, aorian'ny teny hoe "andalana voalohany" dia ampiana ireto teny ireto :

"na ao amin'ny andalana 1 bis".

### **Andininy faha III**

Ny andininy faha 5 ao amin'ny dina, dia ampiana ity andalana faha 2 bis manaraka ity :

2 bis : Ny Firenena mpikambana dia maka ny fepetra ilaina mba ahazoany mahafantatra ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana 1 bis ao amin'ny andininy voalohany ary ao amin'ny andalana faharoa ao amin'io andininy io ihany, ka io andalana farany io dia mikasika ireo fandikan-dalàna ireo, raha toa ka ilay noheverina ho nanao ny iray tamin'ireo dia ao amin'ny taniny ary ilay Firenena dia tsy namerina azy araka ny andininy fahavalo any amin'ny Firenena voalaza ao amin'ny laharana a) ao amin'ny andalana voalohan'ity andininy ity.

### **Andininy IV**

Ity Tovana ity dia hisokatra ny 24 Febroary 1988 ao Montréal mba hosoniavin'ny Firenena mandray anjara amin'ny Fivoriana iraisam-pirenena momba ny lalàna an'habakabaka, izay atao ao Montréal ny 9 ka hatramin'ny 24 Febroary 1988. Aorian'ny 1er Marsa 1988, dia hisokatra hosoniavin'ny Firenena rehetra ao Londres, any Moscou, any Washington ary ao Montréal

mandrà-pidirany hanankery araka ny andininy faha VI .

### **Andininy V**

1- Ity Tovana ity dia apetraka mba hankatoavin'ny Firenena nanao sonia.

2- Ireo Firenena izay tsy nanaiky ny Dina dia afaka mankato ity Tovana ity raha toa ka eo am-pankatoavana ny Dina izy na manaiky azy, araka ny andininy faha 15 voalaza ao.

3- Ny fitaovana fankatoavana dia apetraka any amin'ny Etats-Unis d'Amérique, any amin'ny Royaume-Uni de Grande Bretagne sy Irlande Avaratra ary any amin'ny Union des Républiques Socialistes Soviétiques, na any amin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fifamoivoizan'ny fiaramanidina sivily izay voatendry araka ireto ho mpitantsoratra.

### **Andininy faha VI**

1- Rehefa mahazo ny fankatoavan'ny Firenena folo nanao sonia ny Tovana, dia hiditra hanankery ho an'ireo Firenena ireo ny andro fahatelo aorian'ny nametrahana ny fitaovana fankatoavana fahafolo. Ho an'ny Firenena tsirairay izay mankato azy aty aoriana, dia hiditra hanankery izy ny andro fahatelo aorian'ny nametrahanany ny fitaovana fankatoavana.

2- Vantany vao manan-kery ny Tovana dia horaiketin'ny mpitantsoratra, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 102 ao amin'ny Fitsipiky ny Firenena Mikambana sy ny andininy faha 83 ao amin'ny Dina mikasika ny Fifamoivoizana an'habakabaka sivily iraisam-pirenena (Chicago, 1944).

### **Andininy faha VII**

1- Aorian'ny fidirany hanankery, ny Tovana dia hisokatra ho amin'ny faneken'ny Firenena izay tsy nanao sonia.

2- Ny Firenena izay tsy nanaiky ny Dina dia afaka manaiky an'ity Tovana ity raha toa ka eo am-panatanterahana ny fankatoavana ny Dina izy, na manaiky ny Dina, araka ny andininy faha 15 ao aminy.

3- Ny fitaovana fanekena dia apetraka any amin'ny mpitantsoratra ary ny fanekena dia hampiatra ny vokany ny andro fahatelo aorian'ny nametrahana

azy.

### **Andininy faha VIII**

- 1- Izay rehetra nanaiky ity Tovana ity dia afaka mitory azy amin'ny alalan'ny filazana an-tsoratra halefa any amin'ny mpitantsoratra.
- 2- Ny fitoriana dia hampiatra ny vokany enim-bolana aorian'ny andro izay heverina nandraisan'ny mpitantsoratra ny fitoriana.
- 3- Ny fitoriana an'ity Tovana ity dia tsy midika ho fitoriana ny Dina.
- 4- Ny Fitoriana ny Dina ataon'ny Firenena nanaiky ny Dina fenoin'ity Tovana ity dia midika ho fitoriana an'ity Tovana ity.

### **Andininy faha IX**

- 1- Ny mpitantsoratra dia ampilaza haingana ireo Firenena rehetra izay nanao sonia ity Tovana ity na nanaiky azy, ary ireo Firenena rehetra izay nanao sonia ny Dina na
  - a) ny andro nanaovana ny sonia ary ny andro nametrahana ny fitaovana nankatoavana ity Tovana ity na ny nanekena azy,
  - b) ny nandraisana ny fampilazana fitoriana an'ity Tovana ity, ary ny andro nandraisana izany.
- 2- Ny mpitantsoratra dia hampandre an'ireo Firenena voalaza ao amin'ny andalana voalohany ny andro izay nidiran'ity Tovana ity hanan-kery araka ny andininy faha VI.

Araka izany ny manam-pahefana voalaza, ary nahazo alalana dia nanao sonia ity Tovana ity.

Natao tao Montréal, ny 24 Febroary, taona 1988, ho boky efatra tena izy, marina ary natao tsirairay avy amin'ny teny Frantsay, Anglisy, Espanola ary Rosiana.